# Ilay Voa Tsara Nafafy 25 Desambra 2018

# 25 **Talata** desambra

**Hiteraka Zazalahy izy *(Maria)*, ary ny anarany hataonao hoe Jesosy *(izany hoe Andriamanitra Mpamonjy)*; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany.** Matio 1. 21

**Te hanjary Mpamonjinao Ilay Mpamonjiko**

Jesosy izany ! Tsy olona fotsiny Izy, fa mihoatra lavitra noho izany. Izy no Ilay Mpahary izao tontolo rehetra izao (Kolosiana 1. 16), Andriamanitra tonga tetỳ an-tany tao amina tenan'olombelona (1 Timoty 3. 16). Araka izany, maro tamin'ireo niara-belona taminy no nijoro ho vavolombelona fa nahare azy nibaiko ny ranomasina, dia nanaiky io ; niantso ny hazandrano, dia avy ireny ; niteny indraimbava tamina boka, dia sitrana izy ireo ; nandidy ny maty mba hitsangana, dia velona indray izy ireny... Ireny fahagagana ireny dia nataony tam-pitiavana mandrakariva, ho an'ireo izay nijaly. Ny teniny dia tenin'ny fahasoavana hatrany, feno fahamoram-po, fahalemem-panahy, fiadanana, fahamarinana amin'ny olona rehetra. Nisy hery aoka izany ny fampianarany, ka nahavory olona maro handre izany.

Ilay Mpamonjiko dia olona lavorary, tsy nanana ota, tsy nanam-pahadisoana, marina (1 Petera 2. 22). Kanefa dia nisy olona ratsy fanahy ka feno fialonana sy fankahalana Azy. Nisambotra Azy izy ireo, naniratsira sy nikapoka Azy, niampanga lainga Azy. Nanameloka Azy izy ireo, nanombo Azy teo amin'ny hazofijaliana. Dia nanaiky hiharan'izany ny Mpamonjiko, Izay sady Andriamanitra no olona...

Nanaiky hohelohina Izy, nisolo ireo izay mendrika ny fanamelohan'Andriamanitra, izany hoe izaho sy ianao. Tsy afaka ho voavela heloka sy ho voavonjy, raha tsy amin'ny alalany. Fitiavana toa inona moa ny fitiavan'Ilay Jesosy Mpamonjiko !

Te ho Mpamonjinao koa Izy. Fomba tokana ihany no hahatongavana amin'izany : miaiky fa tsy nankatò an'Andriamanitra ianao, ary mila an'i Jesosy. Minoa fa nanao sorona ny tenany Izy, hamonjeny anao, ary matokia Azy. Dia ho fantatrao manokana Ilay Mpamonjiko !